ANDAVAMAMBA

# FIKASANA HAMONO POLISY, JIOLAHY IRAY MATY VOATIFITRA

4

MARINA IZANY !

7

HANAO FETY ANATY FAKO !

Izy no izy

4

RANDRIAMISANDRATRA ONITIANA

MPANDRAHARAHA TSY TIA MANAVAKAVAKA



Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7746 Taona faha-25 Vidiny : 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 15 desambra 2023

NJIVA RAKOTOHARIMALALA

2

TSY MISY AHIANA NY FAHARATRANA NAHAZO AZY



FILOHA VOAFIDY ANDRY RAJOELINA

7

"HISOKATRA AMIN'NY OLOM-PIRENENA VONONA NY HANASOA NY VAHOAKA"

RAIAMANDRENY ARA-DRAZANA (ARFM)

7

MILAZA NY HANANGANA "GOVERNEMANTA MANOKANA"

HAPETRAKA RAHAMPITSO NY FILOHA VOAFIDY

7

# MIANDRY AZY NY FAMAHANA NY SONDROBIDIMPIAINANA SY NY TSY FANDRIAM-PAHALEMANA



AKADEMIAN'NY FADINTSERANANA

3

# HAORINA ANY TOAMASINA MANOMBOKA NY 2024






Njiva Rakotoharimalala

## Tsy misy ahiana ny faharatrana nahazo azy

Nandritra ny fihaonana nataon'ny ekipany tamin'ny fifaninanam-pirenena karakarain'ny « *The Football Association of Thaïland (FAT)* », dia voalaza fa naratra i Njiva Rakotoharimalala. Niely ny feo fa tsy afaka milalao mandritra ny fotoana maharitra i Njiva , lohalaharan'ny Barea de Madagascar, izay anisan'ny angady nananana sy vy nahitana tamin'ny nandresen'ny ekipam-pirenentsika ny « Les Sao »-n'i Tchad. Betsaka ny velom-panahiana manoloana an'izany faharatrana nianjady taminy izany, izay mety hisy akony ratsy amin'ny fihaonantsika amin'ny Coelacanthes-n'i Comores sy ny Voromaherin'i Mali, eto amintsika amin'ny taona ho avy iny. Tsy hisian'ny tompontrano mihono, hisorohana ny feo mandeha, dia nisy ny fanontaniana mivantana natao taminy. Tamin-kafaliana no nandresenesana fa tsy misy ahiana ny amin'ny vatany, na dia nisy tokoa aza ny ratra tamin'ny tongony. Araka izany dia afaka hanantevin-daharana ny Barea de Madagascar ny lehilahy, raha mbola ho ao anatin'ny safidin'ny mpanazatra Rakotondrabe Félix Romuald « Rôrô ». Mikasika ny fifaninanam-pirenena tailandey dia anisan'ny mpampidibaolina betsaka ihany koa i Njiva, ary misongadina amin'ireo mpilalao matihanina vahiny any an-toerana. Momba an'ilay fanambarana nataony iny dia betsaka ny miombon-kevitra aminy.

**aris rafaly**

Tselonina

# Hizara mozika be etsy amin'ny Brothers Andraharo



Vonona ny hanome ny tsara avy any aminy ry Rainitse.

*« Fotoanantsika manaraka ry zareo ary tena ataoko amin'ilay ao tsara mihitsy. Fa ho maromaro izahay no hizara mozika be aminareo miaraka amin'i Fara Gloum sy Feno ary Parany* ». Teny fampanantenana nataondRainitse ao amin'ny pejy fesibokiny io, hoentiny manentana ny mpankafy hijery azy ho avy etsy amin'ny efitrano filanonan'i Brothers Lounge Bar Andraharo ny sabotsy 16 desambra 2023, izany hoe rahafak'ampitso izany. Hanomboka amin'ny 7 ora hariva ny fiarahana, ka anasany ny mpankafy azy rehetra eto an-drenivohitra sy ny manodidina. « *Omano tsara ny tenda, ny feo fa fombatsika moa ilay miredona iny rehefa hanao an-dry Ravaomaria sy ry Izany no malaza... Asio famandrihana ihany dia tongava fa aza entina ry Razafindratapaka sy Rakotondrakinkina* », hoy izy. Ao anatin'ny tononkirany ihany ireo olona roa ireo, izay hilazany ireo olona tsy manam-bola na masikiny, hoy ny fitenenana. Midika izany fa mitondra vola izay ho tonga hialavoly miaraka aminy fa tsy hiandry mahazo fotsiny. Manana voambolana koa anie ry Ingahibe ity e !

**Fy**

Tarika Zay

## Manome fotoana ho an'ny mpankafy ao amin'ny la Balançoire Ivandry



Mialoha ny fampisehoana goavana efa nampanantenain'ny tarika Zay ho an'ireo mpankafy eto Antananarivo dia hanolotra fampisehoana kely etsy amin'ny la Balançoire Ivandry izy ireo rahampitso. Hanomboka amin'ny 7 ora hariva ny fotoana. Amin'ny maha fampisehoana kely azy izay dia fihaonana tsotsotra ihany izy io, ka tsy ny hiran'ny tarika rehetra no ho re ao fa efa nosivanina ihany. Na izany ary anefa dia efa manomana zavatra tsara sy miavaka hatrany izy ireo amin'io fotoana io mba hanomezana fahafaham-po an'ireo mpankafy hatrany. Hisy "buffet" moa mandritra ity seho ity, ka sady mankafy ireo karazan-tsakafo ny tsirairay no mianoka tsara ireo hiran'ny tarika ihany koa.

**Tanya.R**




# Akon'ny fanatanjahantena

***# Rugby*** – Hitohy anio etsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara, ho an'ny federaly2. Toy izao no fandaharan-dalao rehetra. 15/12 – 8ora : Arcco Boeny # Crai Ambalavao Isotry, 9ora30 : XV Gona Alaotra Mangoro # 3f5 Ambodin'Isotry, 1ora : 2Rca Amoron'i Mania # Soe, 12ora30 : Atsinanana Rugby # Fta Andavamamba, 2ora : Afa Ankazomanga # Vakinankaratra.

***# JJB*** – Hahemotra amin'ny fotoana manaraka ilay « journée recreative » nokarakarain'ny federasiona. Noho ny tsy fahafahan'ireo klioba 4 no antony nahatonga izao fanapahan-kevitra izao. Nambaran'ny federasiona fa ny fiarahana eo amin'ny rehetra no tanjona nanaovana ity hetsika ity ka nahatonga izao fanapahan-kevitra hanemotra amin'ny fotoana manaraka izao.

***# Volley*** – Hitohy amin'ny faran'ny herinandro izao ny andro fahatelo amin'ny fiadiana ny tompondakan'Analamanga. Toy izao no fandaharan-dalao. 16/12 – kianja LTC Ampefiloha : D1H/2ora : Mama # Gnvb2. 17/12 – D2 kianja Itaosy : 9 sasany – Asi1 # Asi2, Kianja LMA : 12ora – Squad 1 # Bi'As. Kianja LTC Ampefiloha – 3ora : Squad 2 # Amvb.

***# Lomano*** – Hotanterahina amin'ny faran'ny herinandro izao etsy amin'ny ANS Ampefiloha, ny fifidianana izay ho filohan'ny Federasiona Malagasy ny taranja Lomano. Raha ny vaovao voaray, kandida tokana ihany no nirotsaka amin'izany, tsy anisany intsony kosa ny filoha am-perinasa, Ramanantsoa Gabriel.

**Rabenaivo**

Akademian'ny Fadintseranana

# Haorina any Toamasina manomboka amin'ny 2024

Vita sonia omaly teny Ampahibe ny fifanarahampiarahamiasa eo amin'ny Minisiteran'ny Fiarovam-Pirenena sy ny Fadintseranana malagasy. Voafaritry ny fiarahamiasan'ny roa tonta ny fananganana ny sekolin'ny Etamazaoro vaovao eny Ampahibe amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny Fadintseranana malagasy andaniny, ary ny fanorenana ny akademian'ny Fadintseranana ao amin'ny tany nampiasain'ny minisiteran'ny fiarovam-pirenena teo aloha any Toamasina ankilany. Vinavinaina hanomboka araka ny haingana indrindra amin'ny taona 2024 ny asa rehetra. Amin'ny taona 2026 kosa no heverina hisokatra ny Akademian'ny Fadintseranana. *"Efa manana sekoly fampiofanana ny Fadintseranana fa ny Akademia kosa dia natokana ho an'ny fampiofanana maharitra, na ho an'ny mpiasan'ny Fadintseranana malagasy na ho an'ny avy any Ivelany, na koa ho an'ireo mpianatra. Ho reherahan'ny Fadintseranana malagasy sy atao fitaratra aty Afrika Atsinanana sy Afrika Atsimo ny fananganana ity fotodrafitrasa ity"*, hoy ny tale jeneralin' ny Fadintseranana malagasy, Zafivanona Ernest Lainkana. Nohamafisin'ny minisitra, Jly Rakotoarijaona Josoa, koa fa paikady voizin'ny Etamazaoro ny fametrahana ny sekoly vaovao eny Ampahibe mba hamolavolana ireo manamboninahitra ambony hahay handray fanapahan-kevitra, indrindra fa ao anatin'ny krizy.


**Nasehon'ny Minisitry ny Fiarovam-Pirenena sy ny tale jeneralin'ny Fadintseranana malagasy fa azo atao ny miara-miasa ho an'ny fampandrosoana ny firenena. (Sary : Kelly R.)**

**R. Muray**

FIZAFAFI Tanora

# Hikatsaka sy hiady ny tombontsoa iraisana

Faritany midadasika ny fritanin'i Fianaratsoa raha eto Madagasikara, izay manana faritra enina mandrafitra azy, ahitana foko maro samy hafa, kolontsaina maro loko, tanora maro mahafeno ny fepetra araka ny manandrify azy avokoa. *''Vonona ny hikatsaka sy hiady ny tombontsoa iraisana. Tsy angatahana andro ny fampandrosoana fa mitaky fandraisana andraikitra avy hatrany. Mahatsapa izahay tanora na solofo fa ilaina ny firaisankina hampanjakana ny fifanakalozana, hisian'ny fampandrosoana iraisana ao amin'ny faritanin'i Fianarantsoa, satria izay mitambatra vato, izay misaraka fasika. Tsy handrava ny ezaka efa vita akory izahay fa hanamafy orina ny asa atao. Tambajotran'ny tanora misehatra eo amin'ny lafiny fampandrosoana ao anatin'ny firaisankina, ary mivelatra ho an'ny tanora rehetra resy lahatra, tapa-kevitra ary vonona''*, hoy ny Fikambanan'ny Zanaky ny Faritanin'i Fianarantsoa Tanora nadritra ny valandresaka nataon'izy ireo tamin'ny mpanao gazety tao amin'ny ''Le Louvre'' Antaninarenina omaly. Nomarihin'ny Atoa Rafiranriantsoa Obstère, sekretera jeneraly fa efa mijoro ara-panjakana ny FIZAFI Tanora. Miantso ny tanora rehetra na eto antoerana na ireo any ivelan'i Madagasikara ka resy lahatra fa zava-dehibe ho an'ny fampandrosoana ny firaisankina sy ny fifankatiavana mba hanambatra ny hery, satria ny akanga maro tsy vakin'amboa. Fantatra moa fa Rtoa Razanamahasoa Christine no ho filoham-boninahitry ny fikambanana noho izy filoha mpanorina ny FIZAFAFI. Atoa Rabemananjara Nicolasa kosa no Ray mpiahy izay filoha lefitra ny FIZAFAFI. Rafitra fiarahamitantana moa no mitondra ny FIZAFAFI Tanora ary tsy ho ela dia hisy fihaonamben' ny zanaky ny faritanin'i Fianarantsoa hametrahana ny teboka sy fijery iraisana.


**Ireo tanora solontenan'ny faritra 06 mandrafitra ny faritanin'i Fianarantsoa. (Sary:HAR)**

**HAR**

Andro afrikanina ho an'ny indostria

# Nanome sehatra ny fifanakalozankevitra

Nomarihina omaly, tao amin'ny Carlton Anosy, ny andro afrikanina ho an'ny indostria. Nibahan-toerana ny famelabelaran-kevitra sy fifampizarana ary ny fanentanana amin'ny fampiroboroboana ny indostria eto Afrika, indrindra fa eto Madagasikara. Nanokatra tamin'ny fomba ofisialy ity lanonana ity ny minisitry ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana, Razafindravahy Edgard. Nifampizarany tamin'ireo mpandraharaha malagasy sy mpiara-miombona antoka marobe tonga nanatrika ny fotoana ny fanatanterahanan'ny fanjakana malagasy ny tetikasa "Taninketsa Indostrialy", izay efa nametrahana ozinina 46 manerana ny distrika 18. Efa manodina ny vokatry ny fambolena sy ny fiompiana eny ifotony toy ny sasany amin'ireto ozinina ireto, ary efa mamatsy ny filàn'ny tsena eny ifotony. Nilaza kosa ny filohan'ny SIM (Sendikan'ny Indostria eto Madagasikara), Rasamimanana Tiana, fa mbola mila hatsaraina ny tontolon'ny fandraharahana eto amintsika, ary mila arindra, hoy izy ny fiaraha-miasa eo amin'ny fanjakana sy ny ny miankina. Efa nisy ny fifanekena nosoniavin'ny sehatra tsy miankina sy ny fanjakana malagasy ho fampiroboroboana ny indostria, koa raha samy manaraka ny voafaritra ao anatin'io fifanarahana io ny roa tonta dia hiroborobo ny indostria, hoy ity farany. Nanentana ny Malagasy moa ny SIM mba hanjifa ny vokatra vita malagasy, indrindra fa ireo efa mitondra ny marika "Malagasy ny antsika", mba hamelomana ny orinasa sy ny mpiasa ary ny toekarena malagasy.

**R. Muray**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Avelao ny fahotan'izay rehetra ninia nanao ratsy anao. Aza raharahaina akory izay nanodina ny lohany tsy hanopy maso akory. Dia ankafizo sy tiavo izay am-pelatananao, hadinoy sy fafao ireo lasa ratsinao. "

Ny Vetso (09.02.16)

(Pardonne a ceux qui t'ont fait du mal, ne cours pas après ceux qui t'ignorent, aime ceux qui sont présents et oublie ceux qui t'ont laissés.)

Delestazy

# Manolotra vahaolana ny Startimes sy ny Banky Societé Générale


**Natokana ho an'ireo mpanjifan'ny banky SG Madagascar sy Startimes ilay tolotra " panneau solaire".**

Saika ho isan'andro dia misy foana ny fahatapahan-jiro hita, tsy eto Andrenivohitra ihany fa hatrany amin'ny faritra. Vao omaly no niato noho ny olana ara-teknika ny milina telo mpihary herinaratra ao Mandraka. Mazava ho azy fa misy fiantraikany mivantana amin'ny fisitrahan'ny mponina herinaratra izany. Mba hahafahan'ny olona mahazo jiro dia misy ny tolotra iarahan'ny Startimes sy ny banky Société Générale Madagascar miasa. Tsy inona izany fa fivarotana angovo azo avy amin'ny masoandro, na "panneau solaire", ka azo aloa tsikelikely ny vidiny. Natokana ho an'ireo mpanjifan' ny banky SG Madagascar sy ny Startimes rehetra manerana ny Nosy izany tolotra izany. Misy karazany roa, ka eo ny S35 izay efa misy radio marika startimes, bateria, takamoa led 3. Eo ihany koa ny tolotra S100 izay misy fahitalavitra 32" marika Startimes, takamoa led 4, decodeur sy kojakoja maro samihafa. Vahaolana ialana amin'ny fatapahan-jiro lavareny kanefa sady nohamoraina ny fahafahan'ny vahoaka misitraka izany no nataon'ny roa tonta. Marihina fa efa hita manerana ny faritra 65 ny banky SG Madagascar ary isaky ny distrika 114 kosa ny Startimes. Manana hatramin'ny 36 volana kosa ireo mikasa hividy ireo "panneau solaire" ireo hamerenana ny vidiny 179 000 ar, na 1 200 000 ar, amin'ny banky SG Madagascar.

**Nath**

## "ZOMA MANIFIKA"

**Tsiahy an'i Black Jack's**

**Etsy amin'ny Karibotel Twenty Six**

Herinandro lasa izay no nodimandry i Jean de la Croix namorona ny tarika Black Jack's. Hisy fampisehoana entina mahatsiaro azy etsy amin'ny Karibotel Twenty Six etsy Analakely, anio zoma hanomboka amin'ny 8 ora alina. Mickael zanany lahy , Green, Mbola talenta, ary Ra Manalaina no hifandrimbona ka hamelona indray ireo hira nahafantarana sy nampalaza an'i Black Jack's. Santionany amin'izany ry : « *Farafarano* », « *Lucile* », « *Tsy haiko* ». Maro no voataiza sy niaina ny hiran'ny Black Jack's ka ireny indrindra no tena asaina hanatrika ity fampisehoana ity.

**Rija Ramanantoanina**

**Seho etsy amin'ny Fjkm Atsimon'i Mahamasina**

Manao ezaka Orgue amin'izao fotoana izao ny FIM.PI.2 Masindray Fiorenana. Mba hahafahan'izy ireo manatanteraka izany dia hanao fitadiavam-bola izy ireo ka mikarakara fampisehoana etsy amin'ny FJKM Atsimon'i Mahamasina miaraka amin'i Rija Ramantoanina anio amin'ny 7 ora hariva. « Concert Noël » no lohahevitra entin'izy ireo manamarika ity fampisehoana ity, satria ireo hira noely fanao isaky ny andro krismasy no hatolotry Rija Ramanantoanina amin'izany. Tsy misy vidimpidirana ny fampisehoana fa izay foy atao anaty valopy no solony. Hanampy an'i Rija Ramanantoanina amin'io fotoana io amin'ny fitendrena orgue i Son.

**Tsiliva**

**Hihaona amin'ny mpankafy etsy amin'ny Bonara-be**

Tsiliva, mpiangaly ny gadona kilalaky, no hanafana ny toeram-pîlanonana etsy amin'ny Bonara Be 67 ha Chez Sayah anio. Ho avy ao daholo ny mpandihiny sy ny mpitendriny hitondra ny mozika kilalaky nampalaza azy ireo. Elaela tokoa izay no tsy nahitana an'i Tsiliva manao fampisehoana izay ka tonga ity ny fotoana hihaonana aminy. Hanomboka amin'ny 9 ora alina ny fotoana kanefa ilaina ihany ny fahatongavana mialoha mba hahafahana misafidy izay toerana mety amin'ny tsirairay.

**Nangonin'i Tiaray R**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

**MIVIDY**

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, pièce, kilalao, boky. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 705/10-6)

**FAMPIANARANA**

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". 5 andro monja. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 703/20-8)

**VIDANGE**

* Sce vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 686/18-13)

* Vidange wc : débouchage, nettoyage, puisard. Tél : 033.64.965.79 / 034.19.333.09. (G-BA 701/20-8)

Andavamanba

# Fikasana hamono polisy, jiolahy iray maty voatifitra

*Fantatra fa teo amin'ny lohany no tena voa tamin'izany.*

Jiolahy iray anisan'ny tompon' antoka tamin'ny fandratrana sy fikasana hamono polisy iray teny Andavamamba no maty voatifitra ny alin'ny talata teo. Araka ny fanazavana dia niaraka tamin'ireo mpitandro filaminana saika handeha hanoro ny toerana ahitana ireo namany ity lehilahy ity no nitsiry ny hevidratsiny ka nitsoaka teny andalana izy. Tsy vitan'izany fa nokasainy halaina ihany koa ny basy teny amin'ny polisy tamin'io fotoana io. Nanoloana izany dia voatery nampiasa ny fitaovam-piadiana teny aminy ny mpitandro filaminana ka nitifitra azy ary nitarika tamin'ny fahafatesany izany. Araka ny fanazavana hatrany, ny alin'ny alatsinainy teo dia jiolahy efatra izy ireo no nikasa hamono ny inspekteran'ny polisy iray. Efa naratra mafy io mpitandro filaminana io ary efa saika afaka hatramin' ny ainy mihitsy aza raha nisy kely foana. Fantatra fa teo amin'ny lohany no tena voa mafy tamin'izany.

**Tafatsoaka**

Taorian'izay dia efa nentina namonjy hopitaly ilay polisy naratra mafy io ary mbola mijanona manaraka fitsaboana eny izy amin'izao fotoana izao. Efa voasambotra tamin'ny fotoana nisehoan' ilay tranga ihany ny iray tamin'ireo efa-dahy namono azy fa tafatsoaka kosa ny telo ambiny. Nitohy ny fanadihadiana sy fikarohana ireo telo lahy tafaporitsaka. Ka tamin' io talata io no niaraka tamin' ny polisy handeha hisambotra azy ireo ity lehilahy efa tratra ity ary dia io nitsoaka teny an-dalana sy saika haka ny basin'ny polisy io izy ka izao niafara tamin'ny fitifirana azy izao.

**T.H**

Alakamisy-Fenoarivo

# Mpamaky trano tratran'ny fokonolona, saika matin'ny fitsaram-bahoaka

Raikitra ny sakoroka tao Ambohimasina, kaominina Alakamisy-Fenoarivo, ny alarobia alina teo. Roa lahy nikasa hamaky tranon'olona iray teny an-toerana no tratran' ny fokonolona. Araka ny fanazavana azo dia tsy nisy olona tao amin'ilay trano saika hidiran'izy ireo io fa nisy tsy salama ka nitsabo tena taty Andrenivohitra. Mety ho efa fantany mialoha izany ka io nanaovany latsaka alina io. Nisy nahatsikaritra anefa izy ireo ka tonga dia raikitra ny antso vonjy sy ny fitsofana kiririoka. Nivoaka avokoa ny vatan-dehilahy ka niara-nirohotra nisambotra ireto olondratsy ireto. Niezaka nanavotena nitsoaka nandositra ihany izy ireo saingy tsy namelan'ny olona raha tsy voasambotra. Efa nentin-katezerana avokoa ny rehetra tamin'ny zavatra saika hataon'ireto olon-dratsy ireto ka tonga dia fitsaram-bahoaka avy hatrany no nihatra ary samy nidaroka sy namono azy ireo ny maro nanatrika teo.

**Efa leo**

Tetsy andanin'izany, nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana ka fotoana fohy taorian'izany dia tonga ny zandary. Efa saika nanaraka hatramin'ny ain'izy roa lahy mihitsy noho ny vono nataon' ny olona azy raha tsy nalaky tonga ny mpitandro filaminana, satria efa tena leo amin'ny firongatry ny tsy fandriam-pahalemana ny mponina. Nentina tany amin'ny biraon'ny zandary natao famotorana avy hatrany izy roa lahy. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa avy eny Ambohitrimanjaka sy Tsimbazaza izy roa lahy ireo no tonga eny Alakamisy-Fenoarivo manao ny asa ratsiny.

**R.C**

Noho ny hasarotam-piaro

# Lehilahy namono nahafaty ny vadiny

Misy tena mahavita zavatra tsy ampoizina mihitsy ny olona sasany amin'izao fotoana izao. Lehilahy iray indray mantsy no nahavita namono nahafaty ny vadiny tao Bekomanga-Mahajanga, tamin'ity herinandro ity. Raha ny fanazavana azo dia vokatry ny hasarotam-piaro diso tafahoatra no nahatonga ilay rangahy nahavita izany. Voalaza mantsy fa efa nisaraka noho ny disadisa tao an-tokantranony izy ireo, vokatry ny hasarotam-piaron-dRangahy. Tsy nahazaka nipetra-drery anefa ilay rangahy ka nandeha nampody ny vadiny, saingy tsy nety nody intsony ilay ramatoa. Tezitra mafy rangahy noho izany ka io tonga dia notaperiny io ny aim-badiny. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao. Fa ankoatra io dia tovolahy iray ihany koa no naratra mafy novonoin'ny namany tao an-toerana noho ny resabehivavy hatrany. Efa nalefa notsaboina any amin'ny hopitaly moa ilay tovolahy.

**R.C**

Tsinjoarivo (Tsiroanomandidy) - Noho ny raharaha vono olona

# Niteraka savorovoro ny fitakiana omby 32

Nandositra ny ankamaroan'ny fokonolona tao amin'ny tanànan'i Beravina, any amin'ny kaominina Tsinjoarivo 22, distrikan'i Tsiroanomandidy. Ny alarobia teo no fantatra fa nisy ny savorovorom-piarahamonina. Foko iray any an-toerana no voalaza fa mitaky omby 32 noho ny resaka vono olona. Tonga tao amin'io tanàna voalaza etsy ambony io izy ireo, ilay voalaza fa nisy an'ireo olona notondroiny fa namono ny havany. Nihorohoro araka izany ny vahoaka ka vaky nandositra ny ankamaroany. Niditra an-tsehatra kosa ny mpitandro ny filaminana. Voalaza fa handroba hanao an-keriny ny fananan'ireo mponina tao amin'ilay tanàna izy ireo. Izany hoe karazan'ny hanao valifaty ny amin'ny nahafatesan'ny havany. Nidina teny an-toerana ny zandary niaraka tamin'ny ben'ny tanàna sy ny lehiben'ny boriborin-tany ao Tsinjoarivo 22 nijery ifotony ny zava-misy. Tamin'izany no nahitana fa efa nivory tao ireo andian'olona ireo. Nanamafy ny fombandrazana izay tsy maintsy hatao dia ny mandoa omby. Ny tanàna nahafaty ny havany no mandoa omby 32, ary ihany koa ny mpiray folotafo amin'io maty io. Marihina fa efa noraisin'ny mponina tao ireo andian'olona ireo ka notolorany sakafo, namonoana omby iray sy norosoana vary 6 kitapo. Mbola tsy nisy kosa ny zavatra tapaka hatreto mikasika ilay fandoavana omby. Efa any an-toerana ny manampahefana nanamafy ny fanentanana, dia ny tokony hametrahana fitoriana raha misy ny tsy fanarahan-dalàna. Andrasana ny fivoaran'ny toedraharaha.

**Deyland**

## Izy no izy

Randriamisandratra Onitiana

# Mpandraharaha tsotra sady tsy tia manavakavaka

*Ny ho mpitsara no nofinofiny sy ny dadany saingy lalana hafa mihitsy no nandaharan'Andriamanitra ho azy.*



Izy no Randriamisandratra Onitiana.

Randriamisandratra Onitiana no anarany feno, manambady ary manan-janaka mianadahy. Eny amin'ny 67ha izy mianakavy kely no mipetraka izay manaraka ny finoana Fjkm. Tao amin'ny ecole Nid d'abeilles 67ha no nanombohany ny fianarana, nandalo tao amin'ny St Francois Xavier Antanimena, nanohy fianarana tao amin'ny Iscam ary tsy nijanona hatreo fa nandeha nianatra tany Chine mihitsy Onitiana, ka ny « architecture interieur dizaine » no lalam-piofanana norantoviny tany. Ankoatra ny fianarana, tia spaoro izy, ary nanomboka tamin'ny kilasy 6ème hatramin'ny première dia tao anatin'ny ekipa mpanao basket. Efa nandray anjara tamin'ny « match inter-classe » sy « inter-etablissement » hatrany. Mpanao fanatanjahantena rahateo moa ny ray ama-dreniny, ka rariny raha nikoriana tao anatiny koa ny fitiavana spaoro. Rehefa vita ny fianarana, nanangana ny orinasa On Mode Randriamisandratra Onitiana, izay manamboatra ireny akanjo sy fanamiana ary kojakoja arapanatajahantena ireny. Faniriany raha mba hilahatra amin'ireny marika malaza be, toy ny Adidas, Puma sns...ireny ny vita Malagasy. Efa miara-miasa amin'ny Nosy rahavavy moa ny On Mode, ka mampitafy ekipa atsy kaomoro, La Reunion, klioba iray, ary atsy Mayotte. Misy mpiray tanindrazana ihany koa manafatra ny vokatra On Mode, toy ny any Alemana, Frantsa.... Fahatsiarovana tsara ho azy ny fiaraha-miasa tamin'ny sekoly iray efa 5 taona teo izay. Teo koa ny nampiakanjony ny klioban'ny Yfomac, klioba vehivavy sy ny Cosfa anatin'ny OPL. Anisan'ny fahatsiarovana ratsy kosa ny fahatapahan'ny jiro kanefa nanana « commande » maro izy ireo. Ny Chocolat sy café ary ny chou-fleur no tena ankafiziny ary ny poireau sy poivron no tsy tiany. Ny manao tennis sy mitsangantsangana miaraka amin'ny fianakaviana no fialamboliny, ary mankafiia mihira izy. Sariaka sady tsy mba manavakavaka ny tenany. *« Mila miezaka manao ny marina amin'ny fiainana »*, hoy Onitiana, *« mamoha ny maha ianao anao, tsy matoritory, ary isan'andro dia tokony hisy zavatra hainao foana, tsy misy azonao ianteherana ankoatra ny tenanao, rehefa misy sakana na fahavoazana dia tsy raisina ho kilema , tsy kivikivy fa mandeha marina foana »*.

**T.H**

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

Telesarza




## Hatsikana an-tsary

Mangahazo




## Masoandro miposaka

**Isaia 12 : 1-2**

Faminaniana hitan' Isaia, zanak'i Amoza, ny amin'ny loza hanjo an'i Babylona. Manangàna faneva eo an-tampon'izay tendrombohitra mangadihady ianareo, manandrata feo hiantso azy, hofay tanana izy hiditra amin'ny vavahadin' ireo mpanapaka.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Ifandrombahambitsika hoatra ny fia-pary amorondalana.**

Que les fourmis s'arrachent, comme un morceau de canne à sucre sucé au bord du chemin.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3126**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 9 | | | | 2 | | | |
| | 5 | | 7 | | | | 1 | |
| | | | | 5 | | 9 | | |
| | | | | | 5 | | | 7 |
| 7 | | | | 8 | | | 4 | |
| 6 | 2 | | | 7 | 1 | | 9 | |
| | | 4 | | | 3 | | 8 | 9 |
| | 8 | 9 | 1 | | 7 | 5 | | |
| | | 3 | | 4 | | | 6 | 2 |

Valin'ny laharana **3125**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 4 | 3 | 7 | 8 | 6 | 5 | 9 | 1 |
| 8 | 5 | 9 | 3 | 1 | 2 | 6 | 4 | 7 |
| 6 | 7 | 1 | 9 | 5 | 4 | 8 | 2 | 3 |
| 9 | 6 | 5 | 2 | 7 | 3 | 4 | 1 | 8 |
| 1 | 3 | 2 | 4 | 6 | 8 | 9 | 7 | 5 |
| 7 | 8 | 4 | 1 | 9 | 5 | 3 | 6 | 2 |
| 3 | 9 | 6 | 8 | 2 | 7 | 1 | 5 | 4 |
| 4 | 1 | 7 | 5 | 3 | 9 | 2 | 8 | 6 |
| 5 | 2 | 8 | 6 | 4 | 1 | 7 | 3 | 9 |

Hapetraka rahampitso ny filoha voafidy

# Miandry azy ny famahana ny sondrobidim-piainana sy ny tsy fandriam-pahalemana

*Miandrandra fanapahan-kevitra avy amin'ny Filoha Andry Rajoelina avokoa ny vahoaka manoloana ny zavatra iaianany ankehitriny.*

Handray ny asany amin'ny fomba ofisialy etsy amin'ny Kianja Barea Mahamasina ny Filoha voafidy Andry Rajoelina manomboka rahampitso. Aorian'ny fianianana hataony no hametrahana azy indray ho Filohan' ny Repoblika mandritra ny dimy taona manaraka. Amin'izao fe-potoam-piasana faharoa izao dia efa nanomboka nanoritsoritra ny laharampahamehana ho azy ny Filoha Andry Rajoelina. Isan'ny efa nambarany sy naverimberiny matetika ny fijereny akaiky ireo vahoaka tena marefo sy sahirana. Mbola mila fotoana anefa ny fanatanterahana izany fa ny tena maika sy miandry azy ankehitriny dia ny hitondrany vahaolana momba ny sondrobidim-piainana sy ny tsy fandriam-pahalemana, izay tena lasa nahazo vahana tato ho ato. Momba ny resaka vidim-piainana dia hita fa manomboka miakatra izay tsy izy izany amin'izao fotoana manakaiky ny fetin' ny faran'ny taona izao. Manampy trotraka izany ny fitotongan'ny sandambolantsika izay mety misy fiantraikany eo amin'ny lafiny aratoekarena sy ny resaka fihariana amin'ny ankapobeny. Mampanahy ny maro ny fiatrehana ny maitso ahitra manomboka ny volana janoary ka hatramin'ny volana avrily any ho any, raha ny fanongan'ny vidinjavatra eny an-tsena no jerena. Amin'ny maha tomponandraikitra haingampiasa ny Filoha Andry Rajoelina anefa, dia inoana marimarina fa tsy maintsy hisy ny fanapahan-kevitra lehibe horasiny momba izany. Raha ny zava-misy momba ny tsy fandriam-pahalemana, dia nahazo laka ny resaka fanapahandoha tany amin'ny faritra sasany. Teo ihany koa ny fakana an-keriny ataon'ny dahalo izay lasa miverina indray. Ilana valiny maika sy hiandrandran'ny vahoaka ny Filoha vao voafidy farany teo vahaolana avokoa ny famahana izany ka ho hita eo izay hambarany.

**JUDD**

Raiamandreny ara-drazana (ARFM)

# Milaza ny hanangana "governemanta manokana"

Araka ny fandaharampotoana voafaritra mialoha dia niroso tamin'ny fanaovantsonia ny tondrozotra heveriny hanavotana ny firenena ny Antenimieran'ny Raiamandreny ara-drazana sy ny Foko eto Madagasikara (ARFM) ary ireo nandray anjara tamin'ny fikaonandoha nokarakarainy teny Mandriambero, omaly. Raha ny vontoatin'io tondrozotra io dia tsy misy afa-tsy fanoherana ny voka-pifidianana ofisialy farany teo, izay nametraka an'Ing Andry Rajoelina ho filoham-pirenena ao anatin'ny dimy taona manaraka indray, sy ny tetika hanakanana ny fianianany eny Mahamasina amin'ny sabotsy izao. Araka izany, nampahafantatra ireo mitonona ho Raiamandreny tompon'i Madagasikara ireo fa hanagana governemanta manokana kendreny hitantana ny tany sy ny fanjakana ivelan'ny an'ny mpitondra izy ireo ka tsy hisy afa-tsy Malagasy reny sy Malagasy ray no handrafitra izany. "*Na inona ambara na inona lazaina, an'ny Malagasy i Madagasikara ka ny Malagasy no mametraka ny fitondrana sy ny mpitondra eto manomboka izao. Hiroso amin'ny fananganana fanjakana vaovao isika Malagasy ary tsy manan-kery eto Madagasikara intsony ny lalàmpanorenan'ny Repoblika faha-4*", hoy ny ARFM tamin' izany. Ankoatra izay, manodidina ny fianianan'ny Filoha Andry Rajoelina amin'ny sabotsy indray dia nitaona ny Malagasy sy ny Fianakaviambe Iraisam-pirenena tsy hanatrika sy hanome voninahitra izany ireo mitonona ho Raiamandreny ara-drazana ireo.

**Mamy R.**

Filoha voafidy Andry Rajoelina

# "Hisokatra amin'ny olom-pirenena vonona hanasoa ny vahoaka"

Nisy ny fihaonana teo amin' ny Filoham-panjakana mpisolo toerana, ny jeneraly Ravalomanana Richard, sy ny Filoha voafidy Andry Rajoelina, omaly teny amin'ny lapan'Iavoloha. Nivohitra tamin'ny diniky ny roa tonta ny momba ny fitantanana ny raharahampirenena. Nilaza ny Filoha voafidy Andry Rajoelina fa hisokatra amin'ny olom-pirenena rehetra izay manana fitiavan-tanidrazana vonona hanasoa ny vahoaka malagasy ny tenany. « *Tsy ilana korontana intsony eto amin'ny firenena. raha tiana handroso isika, dia ao anatin' ny filaminana no hanaovana izany, ary raha tena manana fitiavan-tanidrazana isika tsirairay avy dia mila mifanampy sy mifanohana ary mifanome tanana, fa tsy mifamingana* », hoy izy. Momba ny lanonana hatao mandritra ny fianianana rahampitso, dia nambarany fa handray vahiny manan-kaja maherin' ny 90 i Madagasikara. Isan'ny lehibe amin'izany ny Filohan'ny Vondrona Afrikanina sady Filohan'ny nosy Kaomoro, ny Filohan'ny SADC sady Filohan'i Angola, ny Filohan'ny BAD… Midika ireo, hoy izy, fa vonona hifanampy ary matoky ny fiaraha-miasa amin'i Madagasikara ny vahiny avy any ivelany.



**Ny Filoha Andry Rajoelina teny Iavoloha omaly.**

**JUDD**

## Marina izany !

### Hanao fety anaty fako !

**Lanonana ôfisialy telo sosona farafahakeliny no hatrehina ato anatin'ny tapa-bolana eo ho eo. Ny akaiky indrindra dia ny fianianan'ny Filoham-pirenena, hotanterahina etsy amin'ny kianjan'ny Barea, amin'ny asabotsy ho avy izao. Efa andro vitsivitsy izao no nampahafantarina, teny amin'ny tambajotra sôsialy sy teny amin'ny haino aman-jery fa filoham-panjakana avy amin'ny firenena maro no nasaina hanatrika io lanonana ôfisialy io. Ankoatra ny toe-draharaha pôlitika masirasira eto amintsika, ahiana hanaitra ny vahiny na dia ezahina takonana araka izay azo atao aza, dia trangan-javatra hiteraka henatra ho an'ny firenena, manoloana ny vahiny manan-kaja nasaina, ny fivangongoan'ny fako, eto an-drenivohitra. Raha tsy mahita vahaolana ao anatin'ny efatra amby roapolo ora anefa ny mpitondra dia hanao fety anaty fako izany Ramalagasy. Hihaingo ambony tsikoko, araka ny fomba fiteny, satria efa voaravaka jiro manjopiaka ny tanàna, saingy tsy vitan'ny maimbo ka ahiana hiteraka valan'areti-mifindra toy ny pesta ny fako fa manelingelina ny fifamoivoizana ihany koa, raha tsy hitanisa afa-tsy ny eny Tsimbazaza, ny eny Ampefiloha, Ambatomena Isotry, 67 Ha, …Ankoatry ny etsy Mahamasina dia ahiana hankalaza ny fetin'ny krisimasy sy ny faran'ny taona ary ny taombaovao miaraka amin'ny fako ihany koa ny mponina eto an-drenivohitra. Trangan-javatra azo lazaina ho toy ny tongo-bakivaky ihany ka sady maharary no mahamenatra. Manoloana ny fivangongoan'ny fako dia manitikitika ny fanontaniana hoe aiza ho azy ny olana: Hoenti-manana hanatanterahana ny asa ve sa ny fahavononana hametraka izany ho laharam-pahamehana ? Sa misy antony hafa ?**

**Voahangy Rakotozafy**

Antenimierampirenena

# Nanamarika ny fotoam-piasana ny tsy fitovizan-kevitry ny maro an'isa

Amin'ny alahady izao no hifarana ny fotoam-pivoriana faharoan'ny parlemanta. Mikasika ny Antenimierampirenena manokana dia ny tsy fitovian-kevitra teo amin'ny maro an'isa, ao anatin'ny antoko mpanohana ny fanjakana, no anisan'ny nanamarika ny fotoam-piasana. Tsy nijanona tamin'ny disadisa fotsiny ny zava-nisy fa tonga hatramin'ny fialan'ny mpikambana maromaro tao amin'ny antoko nanohana ny mpitondra. Solombavambahoaka roa niara-dalana tamin'ny mpitondra fara fahakeliny no nivadika nanohana kandida hafa, nandritra ny fifidianana farany teo, raha tsy hitanisa afa-tsy ny depiote Keron Idealson; Brunelle Razafitsiandraofa. Ny filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa moa na dia mbola tsy nametra-pialàna tao amin'ny antoko misy azy aza dia azo lazaina ho somary mangidy hoditra amin'ny mpiray antoko sasantsasany aminy, taorian'ny fanapahan-kevitra noraisiny hanelanelana ny disadisa noho ny fandikan-dalàna niharihary mikasika ny fifidianana filoham-pirenena farany teo. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa tonga amin'ny fitenenana hoe farany vao misy ventiny ny asa eny Tsimbazaza, satria andro vitsivitsy mialoha ny fifanaran'ny fivoriana no hodinihin'izy ireo ny volavolan-dalàna mahakasika ny hampihenana ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy.

**V.R.**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 436 - 12 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

## Mofo vomanga

Zavatra ilaina : vomanga 2 kelikely, siramamy 2sotro, lafarina 4sotro, lavanila.

Fikarakarana azy : andrahoina amin'ny hodiny ny vomanga. Rehefa masaka dia avela hangatsiaka ary voasana. Potserina halemy tsara dia arotsaka ny siramamy sy ny lafarina. Asiana ilay lavanila kely hanome hanitra azy. Bolabolaina boribory araka ny hitiavana azy. Afanaina ny menaka dia arotsaka tsikelikely. Rehefa mahazo loko sy masaka dia esorina. Aroso mafana ampiarahana amin'ny ronono na sôkôla mafana.

TOLOTRA MANOKANA Gazetiko


Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :



Un Super Noël
avec la Super App MVola
DU 4 AU 21 DÉCEMBRE
UTILISEZ LA SUPER APP
ET GAGNEZ JUSQU'À
5 millions Ar
TÉLÉCHARGEZ L'APP MVOLA
Available on the App Store
GET IT ON Google Play
TIRAGE HEBDOMADAIRE TOUTES LES SEMAINES POUR GAGNER 5X200.000 AR. TIRAGE FINAL LE 22 DÉCEMBRE. SEL / 131 / DG / 23
Mon partenaire préféré
au quotidien
MVola
GCL 691/1-1